Mialohan’ny hanavaozana ny fifanaraham-pamindram-pitantanana indray ho an’ny VOI « FIT » sy ny VOI Vognona ; ary ho fanarenana sy ho fanatsarana ny fitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina hita ao Helodran’Ambaro, dia nidina ifotony ny ekipan’ny DAPRNE miandraikitra ny famindram-pitantanana miaraka amin’ireo ekipan’ny DREDD DIANA nanomboka ny 15 Aogositra 2024 hatramin’ny 30 Aogositra2024 lasa teo, ary nanavao indray ireo fitaovam-pitantanana momba ny TGRNR tao Antsotsomo sy tao Andranonomena, Kaominina Ambanivohitry Beramanja, Distrika an’Ambilobe, Faritra DIANA.

Anisan’ny vaindohan-draharaha tamin’izany ny fanavaozana ny drafi-panajariana sy ny fanitsiana ny faritra tantanina niarahana tamin’ireo mponina sy ny tomponandraikitra ifotony izay matetika itoeran’ny disadisa. Mahavelom-bolo hatrany ny mbola fahavononan’ireo vondron’olona ifotony eny an-toerana hitantana sy hanavao indray ny fifanekem-pamindram-pitantanana mandritra ny dimy taona ho avy na dia mafy aza ny tsindry sy ny andraikitra miandry. Tsy mitsahatra manome toromarika, manao fanentanana, ary indrindra manome tohana ara-teknika hatrany ny ekipan’ny Ministeran’ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy mba hanamafisana ny fiarovana sy ny fitantanana alahonko sy ireo harena voajanahary ao anatiny. Ny WWF moa no manao ny tantsoroka rehetra nanatanterahana izany.